REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

*Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana*

---------------

Commission Electorale Nationale Indépendante

CENI

MADAGASCAR

VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEOTENA MISAHANA NY FIFIDIANANA

-------

FANAPAHAN-KEVITRA LAHARANA FAHA- 068/CENI/D/2023

**Amerana sy amoahana ny vokatra vonjimaika amin'ny fihodinana voalohany amin'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika natao ny 16 novambra 2023**

NY VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEOTENA MISAHANA NY FIFIDIANANA,

Araka ny Lalàmpanorenana ;

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2018-008 tamin'ny 11 mey 2018 mikasika ny fitsipika ankapobe mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka, nasiam-panitsiana sy nofenoin'ny hitsivolana laharana faha- 2019-002 tamin'ny 15 mey 2019 ;

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha-2018-009 tamin'ny 11 may 2018 mikasika ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika ;

Araka ny lalàna laharana faha-2015-020 tamin'ny 19 oktobra 2015 mikasika ny rafi-pirenena mahaleotena miandraikitra ny fandaminana sy ny fitantanana ny raharaham-pifidianana antsoina hoe : «Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana »;

Araka ny fanapahana laharana faha-11-HCC/D3 tamin'ny 09 septambra 2023 amerana ny lisitra raikitry ny kandida amin'ny fihodinana voalohan'ny fifidianana ho Filohan'ny Repoblika ny taona 2023 ;

Araka ny fanapahana laharana faha-14-HCC/D3 tamin'ny 12 oktobra 2023 mikasika ny fangatahana ny filazana trangan-kery tsy azo anoharana sy ny fanemorana ny fifidianana Filoham-pirenena ny 09 novambra 2023;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2021-1200 tamin'ny 30 oktobra 2021 anamarinana ny fifidianana ireo mpikambana ao amin'ny rafitra maharitry ny Vaomiera Mahaleotena misahana ny Fifidianana ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2021-1305 tamin'ny 19 novambra 2021 anendrena sy anamarinana ny fifidianana ireo mpikambana ao amin' ny rafitra maharitry ny Vaomiera Mahaleotena misahana ny Fifidianana avy amin'ny Filohan'ny Repoblika sy ny Fitsarana Tampony ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2022-667 tamin'ny 11 may 2022 nasiam-panitsian'ny didim-panjakàna laharana faha- 2022-1639 tamin'ny 21 desambra 2022 mikasika ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana sy ny Rejisi-pifidianana eto amin'ny firenena;

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2022-863 tamin'ny 11 jolay 2023 nasiam-panitsian'ny didim-panjakana laharana faha-2023-1396 tamin'ny 13 oktobra 2023 anaikana ny mpifidy amin'ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika;

Araka ny didim-panjakàna laharana faha-2022-865 tamin'ny 11 jolay 2023 nasiam-panitsian'ny didim-panjakàna laharana faha- 2023-1397 tamin'ny 13 oktobra 2023 mametra ny fomba fikarakarana ny fifidianana ny Filohan'ny Répoblika;

Araka ny fanapahan-kevitra laharana faha-007/CENI/D/2021 tamin'ny 06 desambra 2021 anaovana ny fitsipika anatin'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana ;

Araka ny fanapahan-kevitra laharana faha-008/CENI/D/2021 tamin'ny 06 desambra 2021 anamarinana ny fifidianana ireo mpikambana ao amin'ny birao maharitry ny Vaomiera-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana ;

Araka ny fanapahan-kevitra laharana faha-023/CENI/D/2022 tamin'ny 07 septambra 2022 anamarinana ny fandaminana sy ny andraikitry ny rafitra mpanatanteraka nasionaly eo amin'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana ;

Araka ny fanapahan-kevitra laharana faha-017/CENI/D/2023 tamin'ny 08 jona 2023 ampiharana ny zo hampiakatra ny raharaha (fitarainana sy fisoratana anarana) aorian'ny 10 jona 2023, mamaritra ny mason-tsivana hanafoanana ireo mitovy sy ny fametrahana ny daty hamaranana ny lisi-pifidianana sy ny Rejisim-pifidianana ho an'ny firenena;

Araka ny fanapahan-kevitra laharana faha-031/CENI/D/2023 tamin'ny 04 septambra 2023, nasiam-panitsian'ny fanapahana laharana faha- 054/CENI/D/2023 tamin'ny 11 novambra 2023 sy laharana faha- 054/CENI/D/2023 tamin'ny 13 novambra 2023 ary ny laharana faha-061/CENI/D/2023 tamin'ny 15 novambra 2023 mametra ny lisitra sy ny toerana misy ny birao fandatsaham-bato ho an'ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika;

Araka ny fanapahan-kevitra laharana faha-039/CENI/D/2023 tamin'ny 18 septambra 2023 mametra ny foibe sy ny firafitry ny Sampana mpanisa vato ho an'ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika ny 09 novambra 2023;

Araka ny fanapahan-kevitra laharana faha-n°047/CENI/D/2023 tamin'ny 21 oktobra 2023 mametra ny fomba ifidianan'ny olona manana fahasembanana ara-pahitana;

Araka ny fanapahan-kevitra laharana faha-050-bis/CENI/D/2023 tamin'ny 3 novambra 2023 mikasika ny fitanana an-tsoratra momba ny raharaham-pifidianana ampiasaina amin'ny fikirakirana ny fironan'ny voka-pifidianana vonjimaika amin'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika fihodinana voalohany eo anivon'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana;

Araka ny fitanana an-tsoratry ny Fitsarana Tampony tamin'ny 01 desambra 2021 mikasika ny fianianan'ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana ;

Araka ireo antontan-taratasim-pifidianana sy fitanana an-tsoratra avy any amin'ny biraom-pifidianana sy ny Sampana mpanisa vato ;

Araka ny fitanana an-tsoratra ny fivoriamben'ny Rafitra maharitry ny Vaomiera-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana laharana faha- 056/23/CENI/PV tamin'ny 25 novambra 2023 ;

Satria mialohan'ny andinihina ny momba ny vokatra vonjimaika sy mba isian'ny fangaraharahana, dia ilaina ny manao ireto fanamarihana ireto :

- Ny amin'ny lisim-pifidianana nampiasaina nandritry ny fifidianana Filoham-pirenena fihodinana voalohany:

Satria ny famakiana miaraka ny didim-panjakana laharana faha-2022-667 tamin'ny 11 may 2022 nasiam-panitsian'ny didim-panjakàna laharana faha-2022-1639 tamin'ny 21 desambra 2022 mikasika ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana sy ny Rejisi-pifidianana eto amin'ny firenena sy ny fanapahan-kevitra laharana faha-017/CENI/D/2023 tamin'ny 08 jona 2023 ampiharana ny zo hampiakatra ny raharaha (fitarainana sy fisoratana anarana) aorian'ny 10 jona 2023, mamaritra ny mason-tsivana hanafoanana ireo mitovy sy ny fametrahana ny daty hamaranana ny lisi-pifidianana sy ny Rejisi-pifidianana eto amin'ny firenena dia ireo lisitra vokatry ny fanavaozana tanteraka ny lisim-pifidianana no manan-kery hatramin'ny faha 15 mey 2024;

Koa ireo lisitra ireo no nampiasaina teny amin'ny birao fandatsaham-bato rehetra tamin'ny fihodinana voalohan'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika tamin'ny 16 novambra 2023;

***Ny amin'ny fanovana ny ny toerana misy ny birao fandatsaham-bato ho an'ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika:***

Satria ny andininy faha- 125 ao amin'ny lalàna fehizoro laharana faha- 2018-008 tamin'ny 11 mey 2008 mikasika ny fitondrana ankapobe ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka dia milaza fa, *" Ny lisitra sy ny toeran'ireo birao fandatsaham-bato dia tsy maintsy ferana, amin'nyalalan'ny*

*fanapahana raisin'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidiananaenimpolo (60) andro farafahakeliny mialohan'ny vaninandro hanaovana ny latsabato. Atao petadrindrina eny amin'ny biraon'ny Fokontany ary, ankoatra izany, ampahafantarina ny mpifidyamin'ny alalan'ny fomba rehetra izay heverin'ny tompon'andraikitra voalohany ao amin'nyFokontany fa mifanentana amin'izany...Izay rehetra fanovana atao amin'io lisitra io na amin'io fametrahana io, noho ny antony tsy azoanoharana, dia tsy maintsy anaovana fanapahana fanitsiana izay tsy maintsy raisina vao ambyefapolo (48) ora farafahatarany mialoha ny andro anaovana ny latsabato ary ampahafantarina nybesinimaro amin'ny alalan'ny fomba rehetra..."*

Fa tamin'ny alalan'ny fanapahan-kevitralaharana faha-031/CENI/D/2023 tamin'ny 04 septambra 2023 dia nofaritan'ny Voamieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana fa ao amin'ny Sekoly katolika Victoire RASOAMANARIVO, Fokontany Ambatolambo, Kaominina Mananjary, Distrika Mananjary ho an'ireo fandatsaham-bato laharana faha- 306 219 060 101 sy laharana faha-360 219 060 102 ary ao amin'ny Kolejy FJKM Fokontany Ambonaramena, Kaominina Mananjary, Distrika Mananjary ho an'ny Biraom-pandatsaham-batolaharana faha-360 219 070 101;

Satria anefa ny 15 novambra 2023 vao nampahafantatra ireo tompon'andraikitry ny sekoly voalaza teo aloha fa tsoahiny ny fanekeny handray ny fifidianana Filohan'ny Repoblika;

Fa ireo fanatsoahana fanekena tamin'ny ora farany ireo dia tsy nampoizina, tsy afaka ioharana ary tsy miankina amin'ny nahimpon'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana dia tsy maintsy nandray fanapaha-kevitra laharana faha-061/CENI/D/2023 tamin'ny 15 novambra 2023 hamindra ireo biraom-pifidianana ireo tao amin'ny l'EPP Ambatolambo efitra laharana faha-1, efitra laharana faha-2 sy tao amin'ny EPP Ambonaramena izy;

Fa efa nampahafantarina tamin'ny fomba rehetra ny vahoaka ny amin'izany fiovana izany ny vahoaka ka afaka naneho ny safidiny ara-dalàna ireo mpifidy ny 16 novambra 2023 ;

*Ny amin'ny zo hifidin'ny olona manana fahasembanana ara-pahitana:*

Satria mba hijerena akaiky ny zon'ny olona manana fahasembanana ara-pahitana araka ny fanapaha-kevitra laharana faha- 047/CENI/D/2023 tamin'ny 21 oktobra 2023 mametra ny fomba ifidianan'ny olona manana fahasembanana ara-pahitana, dia nanapa-kevitra ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana fa hampiasa fitaovam-pifidianana misy "braille" mba hahafahan'ny olona manana fahasembanana ara-pahitana hahaleo tena rehefa mifidy;

Koa izay no antony nandefasana fitaovam-pifidianana 3000 voatokana ho azy ireo tany amin'ny biraom-pifidianana sasany ;

*Ny momba ny fahefan'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana mikasika ny famerana sy ny famoahana ny voka-pifidiana vonjimaika amin'ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika :*

Satria voalazan'ny andininy faha- 38 amin'ny lalàna laharana faha- 2015-020 tamin'ny 19 oktobra 2015 voalaza etsy ambony fa anisan'ny andraikitry ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana ny famaranana sy ny famoahana ny voka-pifidianana vonjimaika;

Fa amafisin'ny andininy faha- 191 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha- 2018-008 tamin'ny 11 mey 2018 voalaza teo aloha, ny andininy faha- 60 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha- 2018-009 mikasika ny fifidianana Filohan'ny Repoblika ary ny andininy faha- 45 amin'ny didim-panjakana laharana faha- 2023-865 tamin'ny 11 jolay 2023 nasiam-panitsian'ny didim-panjakàna laharana faha-2023-1397 tamin'ny 13 oktobra 2023 mametra ny fomba fikarakarana ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika izany ;

Koa araka ny didy aman-dalàna manan-kery dia tsy azo lavina ny fahefan'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana hametra sy hamoaka ny vokam-pifidianana vonjimaikan'ny fihodinana voalohan'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika tamin'ny 16 novambra 2023;

*Ny momba ny fe-potoana ikirakirana ny vokatra vonjimaika:*

Satria ny famoahana ny voka-pifidianana vonjimaika amin'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika dia voafaritry ny amin'ny andininy faha-58 andalana 1 sy ny andininy faha- 60 andalana 1 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2018-009 tamin'ny 11 mey 2018 mikasika ny fifidianana Filohan'ny Repoblika izay milaza fa: "*Manomboka amin'ny naharaisana ny valopy farany avy any amin'ny biraom-pifidianana na amin'ny vaninandro nanaovana ny fitanana an-tsoratra momba ny lesoka, ny Sampana miandraikitra ny fanisam-bato dia tsy maintsy mandefa anaty valopy mihidy, ao anatin'ny efatra amby roapolo (24) ora, any amin'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana, ireo tahirin-kevitra rehetra nampiasaina tamin'ny raharaham-pifidianana miaraka amin'ny fitanana an-tsoratra ny asany ary koa ny taratasim-pamintinana.......Ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana no mamarana symamoaka ny voka-pifidianana vonjimaika ao anatin'ny fe-potoana fito (7) andro aorian'ny nandefasan'ny Sampana miandraikitra ny fanisam-bato ny valopy mihidy farany na ny nanaovana ny fitanana an-tsoratra momba ny lesoka";*

Satria ny fe-potoana farany hamoahana ny voka-pifidianana vonjimaika dia miankina amin'ny fotoana nandefasana ny valopy farany avy amin'ireo Sampana miandraikitra ny fanisam-bato;

Satria ny fandefasana farany ny valopy dia voarakitra tamin'ny 21 novambra 2023 tamin'ny 4 ora hariva;

Satria noho izany, ity fanapahan-hevitra ity izay mametra sy mamoaka ny voka-pifidianana vonjimaika amin'ny fihodinana voalohany amin'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika tamin'ny 16 novambra 2023 dia tsy mivoana amin'ny fe-potoana voafaritry ny fepetra voalazan'ny lalàna etsy ambony;

*Ny momba ireo raharaha fikirakirana vokatra vonjimaika :*

- Ny amin'ny lesoka teo amin'ny biraom-pandatsaham-bato:

Satria araka ny andininy faha- 57 andalana faha-2 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2018-009 tamin'ny 11 may 2018, " *Raha noho ny antony tsy azo anoharana, ka tsy tonga any amin'ny sampan miandraikitra ny fanisam-bato ao anatin'ny fe-potoana dimy (5) andro manaraka ny vaninandro hanaovana ny latsabato ireo voka-pifidianana avy amin'ny birao fandatsaham-bato iray na maromaro, dia manao ny fitanana an-tsoratra momba izany lesoka izany izy.*";

Fa izay indrindra no nitranga tamin'ny birao fandatsaham-bato laharana faha-610 201 280 101 tao amin'ny Fokontany Andriambola I, Kaominina Ambahita, Distrika Bekily izay tsy nisian'ny mpifidy tonga nifidy;

- Ny amin'ny fampitahana ny fitanana an-tsoratra:

Satria ny solotenan'ny kandida laharana faha-13 sy ny kandida laharana faha-3 dia samy nangataka fampitahana fitanana an-tsoratra ny 23 sy 24 novambra 2023 ;

Fa ny andininy faha 192 amin'ny lalàna fehizoro lf 2018-008 voalaza teo aloha dia manambara fa : « *Raha ilaina, dia azo atao ny fampitahana ny fitanana an-tsoratra, araka ny tranga misy, eo anivon'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana, ny rantsa-mangaikany na ny fitsarana mahefa, araka ny fangatahan'ny mpilatsa-kofidiana na ny solontenany nahazo fahefana ara-dalàna ho amin'izany.* » ;

Ka rehefa nanatanteraka ny fampitahana ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana dia nandefa ireo fitanana an-tsoratra mikasika izany any amin'ny fitsarana mahefa ;

- Ny amin'ny fomba fiasa amin'ny fikirakirana ny vokam-pifidianana:

Satria ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana, mialoha ny fikarakarana ny voka-pifidianana vonjimaika, dia nanambara ny fironana;

Satria araka ny fanapahan-kevitra laharana faha- 060/CENI/D/2023 tamin'ny 18 septambra 2023 mikasika ny fitanana an-tsoratra momba ny raharaham-pifidianana ampiasaina amin'ny fikirakirana ny fironan'ny voka-pifidianana vonjimaika amin'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika fihodinana voalohany eo anivon'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana, ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana dia nifototra tamin'ireo fitanana an-tsoratra nadika tamin'ny "scanneur" na nalaina sary mba ahitana ny fironan'ny valim-pifidianana tamin'ireo andro voalohany manaraka ny andro fandatsaham-bato;

Fa mikasika ny fikirakirana ny voka-pifidianana vonjimaika, dia nankatoavin'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana ireo voasoratra sy voarakitra ao anatin'ny fitanana an-tsoratran'ny raharaham-pifidianana natokana ho azy sy/na ny fampitahana ny angon-drakitra azo tamin'ireo fitanana an-tsoratra nampitaina tamin'ny alalan'ny sary sy ireo nadika tamin'ny "scanneur", izay ilaina momba ny fanamarinana mivantana ny vokatra;

- <u>Ny amin'ny fikirakirana natao taorian'ny fanisam-bato:</u>

Satria ny fitantanana ny raharaham-pifidianana dia mitaky ny firindrana sy ny fahafenoan'ny vokatra vonjimaika havoaka;

Satria raha ny mahakasika ny firindran'ny valim-pifidianana isaky ny birao fandatsaham-bato dia etsy andaniny tokony hitovy ny isan'ny mpifidy sy ny isan'ny vato narotsaka miampy ny vato fotsy sy vato maty ary etsy ankilany, tokony ho marina ny fitambaran'ny vato azon'ny kandidà tsirairay;

Koa raha mirindra ny vokam-pifidianana dia atao avy hatrany ny fandikana tsy misy tomika ny fitanana an-tsoratra ny raharaham-pifidianana;

Fa nisy tokoa ny tsy firindràna madinidinika izay tsy mitarika amin'ny fiovan'ny fironan'ny safidim-bahoaka hita nandritry ny fandikana ny fitanana an-tsoratry ny raharaham-pifidianana sy ny fikirakirana ny asan'ireo Sampana miandraikitra ny fanisam-bato;

Satria ireo tsy fitoviana vokatry ny fahadisoana tamin'ny fandikana ny fitanana an-tsoratra na avy amin'ny fanisana diso dia miteraka ny tsy fitovian'ireo angon-drakitra ampitahaina;

Ka noho izany ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana dia nanamarina indray ny fitambaran'ny vato azon'ireo kandidà tamin'ny fampitahana ny vato voarakitra ao amin'ny fitanana an-tsoratra ny raharaham-pifidianana nataon'ny biraom-pifidianana sy ny asa nataon'ny Sampana miandraikitra ny fanisam-bato eny anivon'ny Distrika ary ny famerenana fanisana ny vato raha ilaina izany;

Fa ny fahafenoan'ny vokatra avy amin'ny biraom-pifidianana rehetra dia mitaky ny amoahana arak'izay tratra ny voka-pifidianana rehetra ;

Satria anefa nisy fahasarotana teo amin'ny fikirakirana ireo antontan-taratasin-datsabato tonga teto amin'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana;

<u>Ka noho izany dia tsy afaka noraiketina anaty vokatra vonjimaika ny voka-pifidianana avy</u> amin'ireto biraom-pandatsahambato ireto:

- biraom-pandatsahambato laharana faha- 610 110 060 101 ao amin'ny EPP Antanimiary, Kaominina Anjeky Ankilikira, DistrikaAmbovobe Androy,
- biraom-pandatsahambato laharana faha- 610 308 280 101 ao amin'ny EPP BELEMBOKE, Kaominina Mahaenegne, Distrika Beloha Androy;

Satria koa tsy manana fahefana manafoana ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana, dia misintona ny sain' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana momba ny fisian'izany tsy fahatomombanana izany; tsy fahatomombanana izay ny fitsarana mahefa ihany no omen'ny lalàna fahefana feno hanohy ny fanadihadiana mahakasika izany sy handray izay fanapaha-kevitra heveriny fa mifandraika amin'ny fanadihadiana notanterahiny;

Satria taorian'ny fanatanterahana ny asa voalaza etsy ambony dia miroso tamin'ny fanambarana ny voka-pifidianana manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana;

Satria noho izany rehetra izany;

**Tamin'ny fivoriam-be;**

DIA MANAPA-KEVITRA:

Andininy voalohany : Faranana toy izao manaraka, isaky ny ny Faritany ny vokatra vonjimaikan'ny fihodinana voalohany amin'ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika natao ny 16 novambra 2023 :

ANTSIRANANA

- Isan'ny biraom-pifidianana: 1987
- Isan'ny voasoratra anarana : 844 545
- Isan'ny tonga nifidy : 410340
- Isan'ny vato fotsy: 6665
- Isan'ny vato maty : 9525
- Isan'ny vato manankery : 394150
- Taha-pandraisana anjara : 48,59%
- Ny fitsinjaran'ny vato azon'ny kandida tsirairay avy :

| Laharana | Anarana sy fanampin'anaran'ny kandida | Isan'ny vato azo | | Isan-jaton'ny vato azo |
|---|---|---|---|---|
| | | Tarehimarika | An-tsoratra | |
| 1 | RAZAFINJOELINA Tahina | 5832 | Roa amby telopolo sy valonjato sy dimy arivo | 1,48% |
| 2 | ANDRIANAINARIVELO Hajo Herivelona | 7656 | Enina amby dimampolo sy eninjato sy fito arivo | 1,94 |
| 3 | RAJOELINA Andry Nirina | 204079 | Sivy amby fitopolo sy efatra arivo sy roa hetsy | 51,78% |
| 4 | RATSIRAKA Iarovana Roland | 5988 | Valo amby valopolo sy sivinjato sy dimy arivo | 1,52% |
| 5 | RAVALOMANANA Marc | 28854 | Efatra amby dimampolo sy valonjato sy valo arivo sy roa alina | 7,32% |
| 6 | PARAINA Auguste Richard | 2526 | Enina amby roapolo sy dimanjato sy roa arivo | 0,64% |
| 7 | RAOBELINA ANDRIAMALALA Andry Tsiverizo | 1787 | Fito amby valopolo sy fitonjato sy arivo | 0,45% |
| 8 | RAZAFITSIANDRAOFA Jean Brunelle | 4200 | Roanjato sy efatra arivo | 1,07% |
| 9 | RATSIRAHONANA Lalaina Harilanto | 2682 | Roa amby valopolo sy eninjato sy roa arivo | 0,68% |
| 10 | RAJAONARIMAMPIANINA RAKOTOARIMANANA Hery-Martial | 78784 | Efatra amby valopolo sy fitonjato sy valo arivo sy fito alina | 19,99% |
| 11 | RADERANIRINA Sendrison Daniela | 3399 | Sivy amby sivy folo sy telonjato sy telo arivo | 0,86% |
| 12 | RATSIETISON Jean-Jaques Jedidia | 1604 | Efatra sy eninjato sy arivo | 0,41% |
| 13 | RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry | 46759 | Sivy amby dimampolo sy fitonjato sy enina arivo sy efatra alina | 11,86% |

COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE

MAHAJANGA

- Isan'ny biraom-pifidianana: 3692
- Isan'ny voasoratra anarana : 1381141
- Isan'ny tonga nifidy : 634234
- Isan'ny vato fotsy: 12374
- Isan'ny vato maty : 14274
- Isan'ny vato manankery : 607586
- Taha-pandraisana anjara : 45,92%
- Ny fitsinjaran'ny vato azon'ny kandida tsirairay avy :

| Laharana | Anarana sy fanampin'anaran'ny kandida | Isan'ny vato azo | | Isan-jaton'ny vato azo |
|---|---|---|---|---|
| | | Tarehimarika | An-tsoratra | |
| 1 | RAZAFINJOELINA Tahina | 11900 | Sivinjato sy arivo sy iray alina | 1,96% |
| 2 | ANDRIANAINARIVELO Hajo Herivelona | 15127 | Fito amby roapolo amby zato sy dimy arivo sy iray alina | 2,49% |
| 3 | RAJOELINA Andry Nirina | 321233 | Telo amby telopolo sy roanjato sy arivo sy roa alina sy telo hetsy | 52,87% |
| 4 | RATSIRAKA Iarovana Roland | 12428 | Valo amby roapolo sy efajato sy roa arivo sy iray alina | 2,05% |
| 5 | RAVALOMANANA Marc | 111867 | Fito amby enimpolo sy valonjato sy arivo sy iray alina sy iray hetsy | 18,41% |
| 6 | PARAINA Auguste Richard | 5516 | Enina ambinifolo sy dimanjato sy dimy arivo | 0,91% |
| 7 | RAOBELINA ANDRIAMALALA Andry Tsiverizo | 3413 | Telo ambinifolo sy efajato sy telo arivo | 0,56% |
| 8 | RAZAFITSIANDRAOFA Jean Brunelle | 10090 | Sivy folo sy iray alina | 1,66% |
| 9 | RATSIRAHONANA Lalaina Harilanto | 4681 | Iraika amby valopolo sy eninjato sy efatra arivo | 0,77% |
| 10 | RAJAONARIMAMPIANINA RAKOTOARIMANANA Hery-Martial | 40537 | Fito amby telopolo sy dimanjato sy efatra alina | 6,67% |
| 11 | RADERANIRINA Sendrison Daniela | 4603 | Telo sy eninjato sy eftra arivo | 0,76% |
| 12 | RATSIETISON Jean-Jaques Jedidia | 1845 | Dimy amby efapolo sy valonjato sy arivo | 0,30% |
| 13 | RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry | 64346 | Enina amby efapolo sy telonjato sy efatra arivo sy enina alina | 10,59% |

COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

FIANARANTSOA

- Isan'ny biraom-pifidianana: 5210
- Isan'ny voasoratra anarana : 2107847
- Isan'ny tonga nifidy : 1162035
- Isan'ny vato fotsy: 31535
- Isan'ny vato maty : 38096
- Isan'ny vato manankery : 1092404
- Taha-pandraisana anjara : 55,13%
- Ny fitsinjaran'ny vato azon'ny kandida tsirairay avy :

| Laharana | Anarana sy fanampin'anaran'ny kandida | Isan'ny vato azo | | Isan-jaton'ny vato azo |
|---|---|---|---|---|
| | | Tarehimarika | An-tsoratra | |
| 1 | RAZAFINJOELINA Tahina | 18434 | Efatra amby telopolo sy efajato sy valo arivo sy iray alina | 1,69% |
| 2 | ANDRIANAINARIVELO Hajo Herivelona | 22646 | Enina amby efapolo sy eninjato sy roa arivo sy roa alina | 2,07% |
| 3 | RAJOELINA Andry Nirina | 721735 | Dimy amby telopolo sy fitonjato sy arivo sy roa alina sy fito hetsy | 66,07% |
| 4 | RATSIRAKA Iarovana Roland | 15734 | Efatra amby telopolo sy fitonjato sy dimy arivo sy iray alina | 1,44% |
| 5 | RAVALOMANANA Marc | 77368 | Valo amby enimpolo sy telonjato sy fito arivo sy fito alina | 7,08% |
| 6 | PARAINA Auguste Richard | 6596 | Enina amby sivifolo sy dimanjato sy enina arivo | 0,60% |
| 7 | RAOBELINA ANDRIAMALALA Andry Tsiverizo | 5531 | Iraika amby telopolo sy dimanjato sy dimy arivo | 0,51% |
| 8 | RAZAFITSIANDRAOFA Jean Brunelle | 18285 | Dimy amby valopolo sy roanjato sy valo arivo sy iray alina | 1,67% |
| 9 | RATSIRAHONANA Lalaina Harilanto | 7143 | Telo amby efapolo amby zato sy fito arivo | 0,65% |
| 10 | RAJAONARIMAMPIANINA RAKOTOARIMANANA Hery-Martial | 31548 | Valo amby efapolo sy dimanjato sy arivo sy telo alina | 2,89% |
| 11 | RADERANIRINA Sendrison Daniela | 8084 | Efatra amby valopolo sy valo arivo | 0,74% |
| 12 | RATSIETISON Jean-Jaques Jedidia | 2997 | Fito amby sivifolo sy sivinjato sy roa arivo | 0,27% |
| 13 | RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry | 156303 | Telo sy telonjato sy enina arivo sy dimy alina sy iray hetsy | 14,31% |

COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE

TOLIARA

- Isan'ny biraom-pifidianana:5760
- Isan'ny voasoratra anarana : 1631040
- Isan'ny tonga nifidy :1032949
- Isan'ny vato fotsy: 19267
- Isan'ny vato maty : 22985
- Isan'ny vato manankery :990697
- Taha-pandraisana anjara : 63,33%
- Ny fitsinjaran'ny vato azon'ny kandida tsirairay avy :

| Laharana | Anarana sy fanampin'anaran'ny kandida | Isan'ny vato azo | | Isan-jaton'ny vato azo |
|---|---|---|---|---|
| | | Tarehimarika | An-tsoratra | |
| 1 | RAZAFINJOELINA Tahina | 11829 | Sivy amBy roapolo sy valonjato sy arivo sy iray alina | 1,19% |
| 2 | ANDRIANAINARIVELO Hajo Herivelona | 17073 | Telo amby fitopolo sy fito arivo sy iray alina | 1,72% |
| 3 | RAJOELINA Andry Nirina | 541707 | Fito sy fitonjato sy arivo sy efatra alina sy dimy hetsy | 54,68% |
| 4 | RATSIRAKA Iarovana Roland | 15864 | Efatra amby enimpolo sy valonjato sy dimy arivo sy iray alina | 1,60% |
| 5 | RAVALOMANANA Marc | 74245 | Dimy amby efapolo sy roanjato sy efatra arivo sy fito alina | 7,49% |
| 6 | PARAINA Auguste Richard | 7099 | Sivy amby sivifolo sy fito arivo | 0,72% |
| 7 | RAOBELINA ANDRIAMALALA Andry Tsiverizo | 8544 | Efatra amby efapolo sy dimanjato sy valo arivo | 0,86% |
| 8 | RAZAFITSIANDRAOFA Jean Brunelle | 14894 | Efatra amby sivifolo sy valonjato sy efatra arivo sy iray alina | 1,50% |
| 9 | RATSIRAHONANA Lalaina Harilanto | 6488 | Valo amby valopolo sy efajato sy enina arivo | 0,65% |
| 10 | RAJAONARIMAMPIANINA RAKOTOARIMANANA Hery-Martial | 24646 | Enina amby efapolo sy eninjato sy efatra arivo sy roa alina | 2,49% |
| 11 | RADERANIRINA Sendrison Daniela | 6311 | Iraika ambinifolo sy telonjato sy enina arivo | 0,64% |
| 12 | RATSIETISON Jean-Jaques Jedidia | 3835 | Dimy amby telopolo sy valonjato sy telo arivo | 0,39% |
| 13 | RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry | 258162 | Roa amby enimpolo amby zato sy valo arivo sy dimy alina sy roa hetsy | 26,06% |

COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE REPOBLIKAN I MADAGASIKARA

ANTANANARIVO

- Isan'ny biraom-pifidianana: 6841
- Isan'ny voasoratra anarana : 3393121
- Isan'ny tonga nifidy : 1077330
- Isan'ny vato fotsy: 35172
- Isan'ny vato maty : 34913
- Isan'ny vato manankery : 1007245
- Taha-pandraisana anjara : 31,76
- Ny fitsinjaran'ny vato azon'ny kandida tsirairay avy :

| Laharana | Anarana sy fanampin'anaran'ny kandida | Isan'ny vato azo | | Isan-jaton'ny vato azo |
|---|---|---|---|---|
| | | Tarehimarika | An-tsoratra | |
| 1 | RAZAFINJOELINA Tahina | 14638 | Valo amby telopolo sy eninjato sy efatra arivo sy iray alina | 1,45% |
| 2 | ANDRIANAINARIVELO Hajo Herivelona | 12653 | Telo amby dimampolo sy eninjato sy roa arivo sy iray alina | 1,26% |
| 3 | RAJOELINA Andry Nirina | 600412 | Roa ambinifolo sy efajato sy enina hetsy | 59,61% |
| 4 | RATSIRAKA Iarovana Roland | 8652 | Roa amby dimampolo sy eninjato sy valo arivo | 0,86% |
| 5 | RAVALOMANANA Marc | 220132 | Roa amby telopolo amby zato sy roa alina sy roa hetsy | 21,85% |
| 6 | PARAINA Auguste Richard | 3564 | Efatra amby enimpolo sy dimanjato sy telo arivo | 0,35% |
| 7 | RAOBELINA ANDRIAMALALA Andry Tsiverizo | 7509 | Sivy amby dimanjato sy fito arivo | 0,75% |
| 8 | RAZAFITSIANDRAOFA Jean Brunelle | 6166 | Enina amby enimpolo amby zato sy enina arivo | 0,61% |
| 9 | RATSIRAHONANA Lalaina Harilanto | 6002 | Roa sy enina arivo | 0,60% |
| 10 | RAJAONARIMAMPIANINA RAKOTOARIMANANA Hery-Martial | 21090 | Sivy folo sy arivo sy roa alina | 2,09% |
| 11 | RADERANIRINA Sendrison Daniela | 11007 | Fito sy arivo sy iray alina | 1,09% |
| 12 | RATSIETISON Jean-Jaques Jedidia | 2409 | Sivy amby efajato sy roa arivo | 0,24% |
| 13 | RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry | 93011 | Iraika ambinifolo sy telo arivo sy sivy alina | 9,23% |

COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE

TOAMASINA

- Isan'ny biraom-pifidianana: 3882
- Isan'ny voasoratra anarana : 1685545
- Isan'ny tonga nifidy : 802604
- Isan'ny vato fotsy: 22132
- Isan'ny vato maty : 27790
- Isan'ny vato manankery : 752682
- Taha-pandraisana anjara : 47,62%
- Ny fitsinjaran'ny vato azon'ny kandida tsirairay avy :

| Laharana | Anarana sy fanampin'anaran'ny kandida | Isan'ny vato azo | | Isan-jaton'ny vato azo |
|---|---|---|---|---|
| | | Tarehimarika | An-tsoratra | |
| 1 | RAZAFINJOELINA Tahina | 13975 | Dimy amby fitopolo sy sivanjato sy telo arivo sy iray alina | 1,86 |
| 2 | ANDRIANAINARIVELO Hajo Herivelona | 16000 | Enina arivo sy iray alina | 2,13 |
| 3 | RAJOELINA Andry Nirina | 466924 | Efatra amby roapolo sy sivinjato sy enina arivo sy enina alina sy efatra hetsy | 62,03 |
| 4 | RATSIRAKA Iarovana Roland | 17866 | Enina amby enimpolo sy valonjato sy fito arivo sy iray alina | 2,37 |
| 5 | RAVALOMANANA Marc | 73807 | Fito sy valonjato sy telo arivo sy fito alina | 9,81 |
| 6 | PARAINA Auguste Richard | 4463 | Telo amby enimpolo sy efajato sy efatra arivo | 0,59 |
| 7 | RAOBELINA ANDRIAMALALA Andry Tsiverizo | 3353 | Telo amby dimampolo sy telonjato sy telo arivo | 0,45 |
| 8 | RAZAFITSIANDRAOFA Jean Brunelle | 9701 | Iraika sy fitonjato sy sivy arivo | 1,29 |
| 9 | RATSIRAHONANA Lalaina Harilanto | 5584 | Efatra amby valopolo sy dimanjato sy dimy arivo | 0,74 |
| 10 | RAJAONARIMAMPIANINA RAKOTOARIMANANA Hery-Martial | 54540 | Efapolo sy dimanjato sy efatra arivo sy dimy alina | 7,25 |
| 11 | RADERANIRINA Sendrison Daniela | 5657 | Fito amby dimapolo sy eninjato sy dimy arivo | 0,75 |
| 12 | RATSIETISON Jean-Jaques Jedidia | 1940 | Efapolo sy sivinjato sy arivo | 0,26 |
| 13 | RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry | 78872 | Roa amby fitopolo sy valonjato sy valo arivo sy fito alina | 10,48 |

COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE

Andininy 2 : Faranana toy izao manaraka izao manerana ny tanin'ny Repoblikan'ny Madagasikara ny vokatra vonjimaikan'ny fihodinana voalohany amin'ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika natao ny 16 novambra 2023 :

- Isan'ny biraom-pifidianana:27372
- Isan'ny voasoratra anarana : 11043239
- Isan'ny tonga nifidy : 5119492
- Isan'ny vato fotsy: 127145
- Isan'ny vato maty : 147583
- Isan'ny vato manankery :4844764
- Taha-pandraisana anjara : 46,36%

COMMISSION ELECTORALE NATIONALE INDEPENDANTE
REPOBLIKAN I MADAGASIKARA

- Ny fitsinjaran'ny vato azon'ny kandida tsirairay avy :

| Laharana | Anarana sy fanampin'anaran'ny kandida | Isan'ny vato azo | | Isan-jaton'ny vato azo |
|---|---|---|---|---|
| | | Tarehimarika | An-tsoratra | |
| 1 | RAZAFINJOELINA Tahina | 76608 | Valo sy eninjato sy enina arivo sy fito alina | 1,58 |
| 2 | ANDRIANAINARIVELO Hajo Herivelona | 91155 | Dimy amby dimampolo amby zato sy arivo sy sivy alina | 1,88 |
| 3 | RAJOELINA Andry Nirina | 2856090 | Sivy folo sy enina arivo sy dimy alina sy valo hetsy sy roa tapitrisa | 58,95 |
| 4 | RATSIRAKA Iarovana Roland | 76532 | Roa amby telopolo sy dimanjato sy enina arivo sy fito alina | 1,58 |
| 5 | RAVALOMANANA Marc | 586273 | Telo amby fitopolo sy roanjato sy enina arivo sy valo alina sy dimy hetsy | 12,10 |
| 6 | PARAINA Auguste Richard | 29764 | Efatra amby enimpolo sy fitonjato sy sivy arivo sy roa alina | |
| 7 | RAOBELINA ANDRIAMALALA Andry Tsiverizo | 30137 | Fito amby telopolo amby zato sy telo alina | 0,61 |
| 8 | RAZAFITSIANDRAOFA Jean Brunelle | 63336 | Enina amby telopolo sy telonjato sy telo arivo sy enina alina | 0,62 |
| 9 | RATSIRAHONANA Lalaina Harilanto | 32580 | Valopolo sy dimanjato sy roa arivo sy telo alina | 1,31 |
| 10 | RAJAONARIMAMPIANINA RAKOTOARIMANANA Hery-Martial | 251145 | Dimy amby efapolo amby zato sy arivo sy dimy alina sy roa hetsy | 0,67 |
| 11 | RADERANIRINA Sendrison Daniela | 39061 | Iraika amby enimpolo sy sivy arivo sy telo alina | 5,18 |
| 12 | RATSIETISON Jean-Jaques Jedidia | 14630 | Telopolo sy eninjato sy efatra arivo sy iray alina | 0,81 |
| 13 | RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry | 697453 | Telo amby dimampolo sy efajato sy fito arivo sy sivy alina sy enina hetsy | 14,40 |

**Andininy faha-3**: Ireo vokatra vonjimaika isaky ny birao fandatsaham-bato dia atovana amin'ity fanapahan-kevitra ity.

Andininy faha-4: Ity fanapahan-kevitra ity dia alefa miaraka amin'ny tovana voalaza etsy ambony any amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalam-panorenana ary avoaka amin'ny gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara.

Natao teto Antananarivo, ny 25 novambra 2023

Ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana izay nanapa-kevitra :

Sonia
DAMA Andrianarisedo Retaf Arsène
*Filoha*

Sonia
HOUSSENE Abdallah
*Filoha Lefitra*

Sonia
ANDRIAMALAZARAY Andoniaina
*Filoha Lefitra*

Sonia
ANDRIAMAROTAFIKATOHANAMBAHOAKA Ralaisoavamanjaka
*Mpampaka-teny*

Sonia
RAZAFIMAMONJY Laza Rabary
*Filoha Lefitra*

Sonia
JEANNOT Guy Georges Razafindraibe
*Mpanolo-tsaina*

Sonia
RANDRIANARIVONANTOANINA Tiana Ifanomezantsoa
*Mpampaka-teny*

Sonia
FIDIMIAFY Roger Marc
*Mpanolo-tsaina*

Sonia
RAVALITERA Jacques Michaël
*Mpanolo-tsaina*

« NATAO DIKA MITOVY AMIN'NY MATOANY»

Antananarivo, ny 25 NOV. 2023

NY TONIA MPANATANTERAKA NASIONALY

RAKOTONDRASOA Tseheno